



N°003 –22 février 2014 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

Matoan-dahatsoratra

Toy izao no namaritan'ireo mpikambana ao Mahajanga ny Fikambanana ATD Quart Monde : "Ny Fikambanana ATD Quart Monde sy ny ady amin'ny fahantrana dia tahaka ny taretra. Ny taretra dia madinika dia madinika tokoa, nefa tena ilaina eo amin'ny fiainana. Ny taretra dia azo anamboarana gony sy kitapo, lamba fitafy sy zavatra maro samihafa izay tsara tarehy tokoa. Tsy maintsy taretra maro anefa no mifamatotra sy mifandray mba hahavitana zavatra. Kely sy bitika toy ny taretra ny Fikambanana nefa vokatry ny firotsahan'ny maro an'isa dia ho fongotra ny fahantrana."Enga anie ity taona vaovao 2014 ity mba ho taona hanamafy ny fifamatorana sy fifandraisana eo amintsika.



Fifampiarahabana tratry ny taona



Nifamontoana teny Ambohibao ny mpikambana tamin'ny 18 Janoary 2014 nifampiarahaba sy nifampirary soa. Ny lanonana tahaka ireny moa dia fotoana ihaonan'ny mpianakavy

ka ahafahana mifampizara vaovao na ny eto an-toerana na ny avy any ivelany. Anisan'ny novakina tao àry ny taratasin'ny DG mirary soa ho an'ny rehetra sy nitantara ny herim-po sy ny fifanampiana nisy teo amin'ireo niharam-pahavoazana tany Centrafrique sy Philippines ary ny Nosy La Réunion.

Nandalo teto an-toerana, tamin'io fotoana io, i Bruno DULAC, mpirotsaka an-tsitrapo any Frantsa, nanampy antsika tamin'ny fanaovana tombanezaky ny asa niarahana tamin'ny Mpa-matsy vola "AFD".



Mama Swai

Nizara ny tenin'i **Mama Swai** renim-pianakaviana mpikatroka iray any Tanzania izy hoe : "**Ny Fikambanana dia Isika : Izaho sy Ianao**".

Tsangambaton'ny faha-25 taona

Efa natsidika tamin'ny fotoana nanaovana fiofanana iombonana fa feno 25 taona amin'ity taona ity ny Fikambanantsika. Efa hatry ny ela ihany koa no nisy ny hetahetan'ny mpikambana mikasika ny fametrahana Takelabato

eto amin'ny firenena mba hahafantarana bebe kokoa ity Fikambanana ity ary mbola nohamafisin'ny Groupe Relais io. Hisy, noho izany, ny Komity manokana hiandraikitra io sahanasa io izay mbola hampahafantarina amin'ny manaraka.

"Loha miara-mandinika"

Efa fantatra kosa ny anaran'ireo olona mandrafitra ny Ekipa "Loha miara-mandinika" "têtes ensemble". Tsihivina fa tsy fandraisana fanapa-kevitra ao, fa sehatra fiaraha-midinika ho fanampiana ny Solontena Nasionaly sy ny



Toliara :

TSIMIHEVY Gaudefroi
MERA Marcelline
MAHAFALIANDRAZANE Ranoheva Eliane

Ekipa Nasionaly, hanolo-tsaina azy ireo mba hanampy azy amin'ny fandraisany fanapahan-kevitra.

Ireto àry ny olona mandrafitra io Ekipa "Loha miara-mandinika" io

Mahajanga :

RAKOTONDRAVAO Jules
HERINIAINA Félicien Joël David

Antananarivo :

SOLOINIRINA Marie Angèle,
RANOMENJANAHARY Vololonirina,
ANDRIAMIHASINORO Guilain. Ph. (SAFIDY)
Hanitriniala
Denis GENDRE
RAJAONARISON Amélie KAMONY
RAHARISOA Voahirana Marie Eliane
RANAIVOMANANTSOA Jean Louis
RASOARIMANANA Marie Jacqueline,
RAVELOARISON Josiane
RAZAFIMAHATRATRA Tolojanahary Gorette
RAMANANTSARA Marcelline

Fiofanana Iombonana

Antananarivo

"Vitsika mifanohana anaty fiaraha-miasa sy fikaonan-doha, anjakan'ny fitiavana, soa toa tantely".

Io fehezanteny io no namoahan'ny mpiofana ny hevi-dehibe rehetra navoitra tamin'ny fiofanana iombonana teto Antananarivo. Marihina moa fa io fehezanteny io dia niainga tamin'ny teny nomen'ny sokajy tsirairay namaliany ny fanontaniana hoe: "Fintino amina teny iray ny fahalalanao ny Fikambanana ?".



Toliara

Ny Asabotsy 02 Febroary 2014 lasa teo no nanao ny fiofanana iombonana ny mpikambana ATD Quart Monde tao Toliara. Lahatsoratra tamin'ny Fivoriana fiaraha-midiniky ny mpikambana "Assises 2004" no nodinina tamin'izany. Teny iray nahitana taratra ireo teny 11 notsongain'ny mpiofana tao anatin'io lahasoratra io no namoahan'izy ireo ny teny hoe "trano" satria "ny trano" hoy izy ireo no mahalona ny olona".

Mahajanga

Ny an'i Mahajanga kosa, ankoatry ny efa hitantsika tany amin'ny savaranonando, raha niresaka ny firotsahan'ny mpikambana ry zareo, dia nolazainy fa ny firotsahana ataon'ny olona tsirairay ao amin'ny Fikambanana dia sady zava-dehibe no tena ilaina avokoa ka nohariny amin'ny tantely : ny maminy dia sady anaovana fanafody no anamboarana sakafo matsiro isan-karazany ary ny faikany kosa dia sady anaovana labozia manome hazavana no anaovana savoka anosorana gorodona ka mampampiratra azy.



Inona no vaovao ao amin'ny MMM ao?

Tefy vifotsy Antananarivo



Anisan'ny fiofanana nisokatra vao haingana ao

amin'ny MMM ny "Ferblanterie" na tefy vifotsy: fanaovana fatapera, fatana mitsitsy kitay, soudure,... Natao manokana ho an'ireo lehilahy feno 18 taona no ho miakatra izy io.

Raha enim-bolana io fiofanana io teo aloha, dia nohalavaina ho 1 taona izy nanomboka ny 6 Janoary 2014 ka ireo 8 mirahalahy efa nanaraka fiofanana nandritra ny enim-bolana teo aloha no manohy azy. Avy any amin'ny Fokontany Andramiarana, Antohomadinika ary Ankasina izy ireo.

Ny tanjona amin'izao fampiofanana izao moa dia ny mba hahafahan'izy ireo hanana traikefa amina asa fivelomana. Asaina manao tahiry izy ireo hoentiny miasa rehefa vita ny fiofanany. Marihina fa taorian'ny enim-bolana voalohany dia efa novatsiana fitaovana fototra izy ireo, mba hahafahany manohy ny asa rahatrizay.

Tontolo Maitson'i Toliara

Nanomboka tamin'ny septambra 2013 ny andiany faharoa nandraisana olona 15 ao amin'ny tetikasa EVT. Rehefa tapitra ny roa taona iofanany dia hanana fahaizana manokana amin'ny famafazana ny voana hazo ala sy hazo fihinam-boa ary haingon-jaridaina sy ny fikolokoloana ny zanakazo ireo mpiasa ireo. Toy izany koa ny fikarakarana ny taninjanakazo. Sampana iray ao amin'ny MMM ATD Quart Monde ny Tontolo Maitso any Toliara ary miara-miasa amin'ny CDD sy ny PAM ary ny WWF izy amin'io tetikasa fambolena-kazo io izay handrakotra 10ha isan-taona any Miary, ka ny tetikasa EVT no hamo-katra ny zanakazo amin'izany. Ny tanjona moa dia hahafahana manampy ny olona tsy manana antompivelomana any amin'ny Kartie tena mahantra, mba hananany fahaizana arak'asa sy haha ta-



fidirany amina asa marim-pototra amin'ny sehatry ny Tontolo Maitso sy ny fambolena-kazo.

Raha ny fikolokoloana zana-kazo aza ilana fiofanana toy izany, tsy ambony noho izany ve ny fanabeazana ny ankizy?

Na **BDR**, (famakiam-boky an-kalamanjana) na **TAPORI**, dia samy fitaovana ahafahana mifandray akaiky amin'ny ankizy sy manokatra ny vavahadin-tsainy ary mampitombo ny fifankatiavan'izy samy izy. Noho izany dia ilaina ny fampiofanana ny mpanentana azy ireny hananany fahaiza-manao amin'io seha-panabeazana io.

Ny 18 Janoary 2014 àry no niofana ny mpanentana teto Antananarivo. Natomboka tamin'ny filizam-baovao momba ny Fikambanana sy ny fahatsiarovana ireo namana niharam-pahavoazana tany **Centrafrique**, sy **Toliara** ary **la Réunion** ny fotoana. Mba hanampy ny mpanentana hanovo traikefa amin'ny fiofanana dia nandalina ny sombin-dahatsoratra tao amin'ny boky: *Josefa p. 123* mikasika ny firotshan'i Gabrielle, mpampianatra mbola tanora, niezaka namantatra ny ankizy sy ny hetahetany, ka nahazo ny fony. Nizaràn'izy ireo ny tsiambaratelsony izy ary dia tapa-kevitra nijano-



na nanao mpirotsaka an-tsitrapo tao Noisy-le-Grand, tobin'ny tsy manan-kialofana none-nan'ireo ankizy ireo.

Nisy koa ny tombanezaka natao sy ny fitrandrahana ny vinavinan'asa hotanterahina amin'ny ho avy. Ny hetahetam-pon'ny mpanentana moa dia mba ho ampy traikefa, sy hanana haren-tsaina izy ireo hahazany hanabe ny ankizy anaty firaisan-kina sy fifankatiavana.



Tsy ny lehibe ihany no manao fiofanana fa mahazo ny anjarany koa ny tanora :

Tamin'ireo tanora 20 nanomboka ny fianarana nahandro sakafo, izay niarahana tamin'ny ONG Tsiry, anisan'izany ny tanora ao amin'ny ATD Quart Monde eto Antananarivo, dia 15 no tena nahavita tanteraka ny fiofanany, ka efa nivoaka tamin'ny 30 Novambra 2013, fa ny 2 kosa dia mbola eo an-dalam-pamitana. Tamin'io fotoana namoahana azy ireo io, dia nizaràna lafaoro ireo tanora ireo, mba hahafahany mirotsaka avy hatrany amin'ny sehatry ny asa. Ny 11 amin'izy ireo moa dia efa miasa sahadry ankehitriny.

Vaovaom-pikambanana :

Izy no **Lamine SARR**, mpirotsaka an-tsitrapo avy any Sénégal. Tonga hiasa eto amintsika izy, hanatevin-daharana an'i Keny ao amin'ny Ekipan'ny tanora. Faly mandray azy isika.



